# 25 NY LAFA-PAMOKARANA

## TANJONA

Mamahavaha ny fifandraisana sy ny endri-pamokarana nisy teto Madagasikara.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ireo vanim-potoana nolalovan'ny Malagasy:

- **1- Ny vanim-potoana fahafoko (- 1500):**

Tsy misara-miankavy ny fiaraha-monina tamin'izany, to teny ny zokiolona, ny vahoaka no mamokatra ary ho azy ny vokatra.

- **2- Ny vanim-potoana fahampanjaka (1500- 1896)**

Ny mpanjaka no tompon'ny tany sy ny fahefana. Misy ny andriana izay tompon'ny ampaham-bokatra. Ny olon-tsotra sy ny andevo kosa no mpamokatra.

- **3- Ny vanim-potoana fanjanahan-tany (1896- 1960)**

Ny mpanjanaka no tompon'ny fahefana. Azy ny fitaovam-pamokarana ary fomba sy ny tany mamokatra. Novolena tao an-tsain'ny Malagasy ny samy maka ho azy. Nisy fiantraikany teo amin'ny fiaraha-monina sy ny famokarana izany.

**• 4- Ny vanim-potoana fahaleovantena (1960- ankehitriny)**

Mifidy izay ho lohany ny Malagasy, ka izy ireo no tompom-pahefana. Ny tompon'ny fitaovana enti-mamokatra dia ny tera-tany sy ny vahiny mampiasa vola. Teo amin'ny lafin'ny famokarana, dia misy ny manao asa ho an'ny tenany sy ny mpikarama amin'ny hafa.

**Lahatsoratra**

NY VOLA

Anankiray amin'ireo "kapitaly" na fitaovana fototra iankinan'ny famokaran-karena indrindra ny vola. Ny antony dia satria saika amin'ny alalan'ny vola avokoa no ahazoana manao izay rehetra tian-katao. Fa ny vola no ividianana tany hovolena, vola no ahazoana fitaovam-piasana hoenti-manao zavatra, vola no ahazoana akoran-javatra ahodina ao amin'ny ozinina, vola no anakaramana mpiasa, vola no andoavana ny saram-pitaterana amoahana ny vokatra. Eny, ny vola daholo no ampiasaina amin'izay rehetra tian-katao, ary ho azo daholo izay tian-ko azo. Ka dia ny vola izany no azo lazaina fa fanalahidy matanjaka indrindra ahazoana mamoha ny varavaran-karena. Kanefa hatramin'izao dia saika ny olom-bitsy ihany no nanana azy noho ny antony samihafa. Fa ao ny nandova, ao ny nanana zo sy tombon-tsoa nisambo-bola tamin'ny banky, ao ny nanana mpanohana ka tafaraka tamin'ny mpanan-karena. Ka dia ireo olom-bitsy nanam-bola nampiasaina ireo no nanjary tompon-daka tamin'ny fitantanana ny harem-pirenena. Fa ny sisa rehetra kosa dia fiasana fotsiny teo amin'ny tokotanin'ny famokarana.

**Fety Michel (Nahoana no avondrona ho Fokonolona isika? - Tak. 56 sy 57)**

**Sahanasa 1**

1- Inona no resahin'ny mpanoratra?

2- Inona amin'izay noresahiny izay no asongadiny ao anatin'ny lahatsoratra?

3- Milazà antony telo ilana ny vola araka ny lahatsoratra.

4- Asehoy ny fifandraisana misy eo amin'ny vola sy ny famokarana raha ny lahatsoratra no jerena.

**Sahanasa 2**

1- Hazavao ao anatin'ny fehezanteny telo ny fiainan'ny fiarahamonina tamin'ny vanim-potoana fahafoko.

2- Soritsorito aoa anatin'ny fehezanteny telo ny fiainan'ny fiarahamonina tamin'ny vanim-potoana fahampanjaka.

3- Hazavao ao anatin'ny fehezanteny telo ny fiainan'ny fiarahamonina tamin'ny vanim-potoana fahazanatany.

4- Hazavao ao anatin'ny fehezanteny telo ny fiainan'ny fiarahamonina tamin'ny vanim-potoana fahaleovantena .

**Sahanasa 3**

Hazavao ao anaty lahatsoratra ahitana andininy roa ireto hevitra manaraka ireto :

- Ny tombon-tsoa azo avy amin'ny vola.
- Ny lafiratsin'ny vola eo amin'ny fiainana